

# AMPITAPITAOUU!

Laharana 3 - 2022

## SEKOLY IEREN-DOZA, LAVITRY NY HERISETRA


**TOKANTRANO SY TARANAKA**

- Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany, *p.1*
- Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra, *p.2*
- Zo arovan'ny lalàna, *p.3*

**NY HERISETRA**

- Zo hiaina lavitra izany, *p.4*
- Ireo karazana herisetra *p. 5*

**MPANABE FA TSY MPANASA-ZY**, *p.6*

# TOKANTRANO SY TARANAKA

**Zo sy adidy ny hisafidy ny mahakasika izany**





### Maniry ny hanorina tokantrano sy hiteraka ve ianareo rahatrizay?

**Lila:** *Rehefa nieritreritra sy nandini-tena aho, toa tsy mety amiko io taranja iray io.*

**Reine:** *Tena maniry mafy mihitsy aho, mangetaheta mihitsy.*

**Bary:** *Maniry aho raha manana ny hoenti-manana ho amin'izany.*



### Rahoviana ianareo no mieritreritra hiroso amin'izany tokantrano izany?

**Reine:** *Raha ny sitrapoko vao ampy taona aho dia hiroso. Miandry «top» fotsiny hoe vonona ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetseham-po.*

**Bary:** *Hamita fianarana aho aloha dia rehefa avy niasa herintaona na roa taona any ho any. Tokony mba efa hanana ny hikarakarana tokantrano tsara aho amin'izay.*

### Hiteraka avy hatrany ve ianareo rehefa vita mariazy sa hiandry kely?

**Reine:** *Tonga dia hiteraka koa, ny hanambadian-kiterahana, hiandriandry amin'ny ahoana?*

**Bary:** *Aleoko aloha miandry herintaona na roa. Arak'ilay fitenenana hoe 'hanorina tokantrano', mbola misy fifankazarana ao, mbola vao manorina e, aleo entina miandalana. Sady mila manangom-bola fa tsy vitan'ny ariary folo ny fitondrana vohoka sy fitaizana.*

**Atao firy ny ankizy?**

**Reine:** *Roa ihany ka. Amin'ity fiainana efa mafy ity, tena tsy mety intsony ny fito lahy sy fito vavy. Lahikely sy vavikely iray avy ihany amin'izay voakolokolo tsara.*

**Bary:** *Izaho kosa aloha raha hiteraka ihany, tena tiako ny maro an-trano. Dimy sa enina? Izany no mahatonga ahy hifofotra hianatra. Rehefa mahita asa tsara ve tsy ho afaka ny hikarakara tsara azy rehetra, na tonga fito aza ve hanino-na...*







## AMPITAPITAO!

**ZO SY ADIDIN'NY OLON-DREHETRA NY HISAFIDY:**

- ny hanorina tokantrano na tsia.
- ny hanan-janaka na tsia.

**RAHA TAPA-KEVITRA NY HANORINA TOKANTRANO SY HANAN-JANAKA IZY DIA ZO SY ADIDINY KOA NY HISAFIDY:**

- ny isan'ireo menaky ny ainy.
- ny fotoana hiterahany azy ireo.

**Dia inona avy no fepetra ho raisinareo ahatongavana amin'izany?**

**Lila:** *Hitandrina hatrany eo amin'ny fitondran-tena. Dia hamita fianarana ampy ahafahana hahaleo tena sy hahavita tena tsara.*

**Reine:** *Hitandrin-tena mandra-piditro amin'ny tokantrano. Rehefa tafiditra amin'izay, dia atao koa izay mety mba ho ampy tsara ny fotoana manelanelana ny iterahana an'izy mianadahy kely. Amin'izay mba samy ho salama tsara na ry izy ireo na izaho hitondra vohoka. Ny fiainana tsy mora mila atrehana. Firy taona moa?*

**Bary:** *Roa taona farafahakeliny izy izay. Izaho koa handamina tsara an'izany arakaraka ny fahavononan'ny tokantranoko handray ireo vahinikely. Rehefa milamina tsara izahay mivady ka manana mihoatra ny ariary folo dia ahato kely aloha ny fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana. Dia asesinay ohatr'izay foana e...*

# TOKANTRANO SY TARANAKA

## Tombontsoan'ny fandraisana andraikitra

REHEFA SAMY MANDRAY ANDRAIKITRA NY TSIRAIRAY AVY MANOLOANA ireo safidy mahakasika ny fanorenana tokantrano sy ny fananana taranaka – izany hoe, hiroso amin'ny tokantrano sa tsia; hiteraka sa tsia; raha hiteraka, dia atao firy; ary atao amin'ny oviana – dia:

- Hanana fahafahana ny hanohy sy hamita fianarana araka ny tokony ho izy ary hahazo diplaoma,
- Ho tafita sy hanana asa mendrika mifanaraka amin'ny tanjona napetrany,
- Hanana fahafahana ny hankafy ireo vanim-potoana rehetra lalovana eo amin'ny fiainana dia ny fahazazana, ny fahatanorana ary ny fahalebeazana,
- Ho andry azon'ny ankohonany sy ny fiarahamonina iankinana, ary
- Hanana fahafahana hanatsara ny fiainany ka hamela lova sarobidy ho an'ireo taranany aty aoriana.





### AMPITAPITAO!

- Ny fanohizan'ny ankizy fianarana sy ny famitany izany, indrindra indrindra ny fanabeazana ambaratonga faharoa, dia mitera-bokatsoa maharitra ho azy ireo sy ny fianakaviany ary ny fiarahamonina misy azy ireo eo amin'ny lafiny fahasalamana sy fandrosoana. Mampalahelo anefa fa maro ireo ankizy tsy mandeha mianatra noho izy manahy ny hianjadian'ny herisetra sy ny fanararaotana ara-nofo eo amin'ny tontolon'ny sekoly.
- Rehefa ieren-doza ny sekoly ka lavitry ny herisetra dia mitombo ny isan'ireo ankizy afaka mianatra sy ho lasa olom-banona. Ny ankizivavy sy ny vehivavy nahita fianarana no mahalala matetika kokoa miandry ny fotoana sahaza ho azy hidirany amin'ny tokantrano sy ny fiterahana, no sady mahalala mitandrin-tena eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana.
- Araka izany, rehefa ieren-doza ny tontolon'ny sekoly dia mahamaro ireo ankizy mahavita fianarana ka mahaorina tokantrano tsara fototra sy mahabe taranaka vanona. Izany dia mampandroso ny fiarahamonina ary rehefa miampita sy lovain-jafy ireo anjara biriky fanatsarana entin'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ary ny fiarahamonina dia ny ho avin'ny firenena iray manontolo no hanomboka hamiratra.

# TOKANTRANO SY TARANAKA

## Zo arovan'ny Lalàna laharana 2017-043



NY ZO HISAFIDY NY HANORINA TOKANTRANO sy hanan-janaka na tsia, sy hanapaka ny isan-jaza sy fotoana hiterahana azy ireo dia **arovan'ny lalàna malagasy.**

Ny andininy faha-3 ao amin'ny **Lalàna laharana 2017-043** dia mametraka mazava fa zo fototra ny fahafahana misafidy ny hiroso amin'ny tokantrano sy hiteraka na tsia, ny hanapaka ny isan'ireo zaza ateraka ary ny fotoana hiterahana azy ireo.

**Zon'ny Malagasy tsy vaky volo izany ka tsy azo esorina aminy mihitsy izany na inona na inona antony.** Na iza na iza izy, na inona na inona volon-kodiny, na firy taona na firy taona izy, na lahy izy na vavy, na manan-karena izy na tsia, na inona na inona finoany, na inona na inona foko iaviny, rehefa mbola eto Madagasikara dia afaka misitraka an'io zo io.



- Raha misy tsy mety tsikarintsika, zontsika ny hiteny.
- Raha misy fanatsarana hitantsika, zontsika ny haneho hevitra.
- Zontsika ihany koa ny hanontany mikasika ny fanatanterahana izany lalàna izany!

**Zarao, resaho ny fahalalana vao avy norantovinao!**


**AMPITAPITAO!**

# NY HERiSETRA

## Zo hiaina lavitra izany

**ANDININY 8.**

Ny olona rehetra dia manana ZO ho arovana amin'ny karazana herisetra rehetra mihatra amin'ny vatany, indrindra amin'ny taovam-pananahany.



Ity andininy ambony ity dia mbola hita ao amin'ny **Lalàna laharana 2017-043.** Ankoatra ny fiahiana ny zon'ny olon-drehetra hisafidy ny momba izay ho tokantranony sy taranany dia miaro ny mpiarabelona amin'ny herisetra amin'ny endriny rehetra koa io lalàna io.

Apetrany mazava ho zon'olombelona ny hahatsiaro ho voaahy amin'ny herisetra ary hiaina lavitra izany. Raha tsorina izany dia zontsika rehetra ny hiaina ao anaty fandriampahalemana sy filaminana fa tsy sanatria hampijalian'olona na hohararaotin'olona.

**Fanitsakitsahana an-kitsirano ny zon'olombelona ny herisetra na inona na inona endrika isehoany ary na inona na inona mety ho antony ka**

**TSY AZO EKENA NA OVIANA NA OVIANA.**

# Ireo karazana herisetra

## Inona no atao hoe herisetra?

Ny atao hoe herisetra dia fihetsika na fiteny mandratra ka **tsy ny ratra ara-batana ihany** no voafaoka anatin'izany fa ny ratra ara-tsaina, ara-nofo ary ara-pihetsehampo ihany koa.

Ny herisetra ara-batana matetika no karazana herisetra tonga avy hatrany ao an-tsaintsika vantany vao maheno ny teny hoe 'herisetra' noho ny vokany hita mibaribary eny amin'ny olona iharany.



**Mety hitranga eo amin'ny lafiny ara-nofo sy ara-pihetsehampo ihany koa anefa ny herisetra.** Mandratra sy maharary izay olona iharany izany ka mampisy fery anaty.




## Ahoana ny fisehon'ireo karazana herisetra?

- **Ny fihetsika mandratra** toy ny felaka, ny vono, ny daka, ny tsongo, ny fitorahana zavatra dia herisetra ara-batana avokoa.
- **Ny fanerena olona an-kolaka na mivantana hiroso eo amin'ny lafiny ara-nofo** toy ny fanerena hanao firaisana ara-nofo na hanao fihetsika natokana ho an'ny mpifankatia toy ny fikitihana ny vatana na ny taovam-pananahana dia herisetra ara-nofo avokoa.
- **Ny fiteny mandratra** toy ny ompa sy ny latsa ary nyeso, ny fihetsika mandratra toy ny fanambaniana, ny tsy firaharahiana na ny fanaovana an-tsirambina ny filana mari-pototra no atao hoe herisetra ara-pihetsehampo.



**Ireo karazana herisetra rehetra ireo dia misy fiantraikany lalina eo amin'ny fahasalaman'izay iharany, manembatsembana ny fivelarany ary misompatra ny fahasambarany eo amin'ny fiainana.**




# MPANABE FA TSY MPANASAZY

Teo an-dalana ho any an-tsekoly Ramose Fetra no naheno vata fahitalavitra mikasaosaoka. Fantany avy hatrany ilay feon-kira, voavinavinany avy hatrany ilay fampiaraham-peo hanaraka ny feon-gitara ao amin'ny televiziona nasionaly. Nihato kely izy ka nanongilan-tsofina.

"Velona ny lakolosy, manomboka ny lakilasy..."

Nanopy maso tamin'ireo antontan-taratasy teny an-tanany izy: "Sata vaovao ho any sekoly". Hivory miaraka amin'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra manko ny mpandraharaha sy mpampianatra ao an-tsekoly ny harivan'iny handinika ny fanavaozana ny sata fampianarana. Ramose Fetra no hitarika ny fivoriana.

Ratsy torimaso erỳ Ramose Fetra ny alin'iny nieritreritra ity fahasahiany nanohitra ny ankamaroan'ireo mpampianatra tao an-tsekoly sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra momba ny sazy ampiharina amin'ny mpianatra.

Teo afovoam-bahoaka teo izy no nanangan-tanana ka nijoro nandray fitenenana. Nanizingizina izy fa tsy mety ny fikasihan-tanana hanasaziana ireo mpianatra, tsy mety ihany koa ny fampiasana teny mandratra.

Nifandrombaka sy nifandimby nilaza ny heviny ireo mpampianatra sy ireo ray aman-dreny. Teo no nanamafy fa izany no fomba fanao tany am-pianarana hatrizay. Izany daholo no niainan'izy rehetra, nefa toa tsy nisy naninona. Koa

nahoana no ovaina tampoka teo? Nisy aza nilaza fa fomba malagasy izany!

Tsy voahozongozona anefa Ramose Fetra.

“Solofo dimbin’ny ala ireo, hoy izy nanitrikitra, ka ilaina kolokoloina fa tsy simbaina sanatria. Ekeko fa mila fitsipika sy fifehezana izy ireo saingy amin’ny fomba hafa, amin’ny fomba mampandroso. Tsy misy solofo maniry sy mivelatra izany raha kapaina sy velesina lava. Rehefa mitsiry ny voli-nareo dia tondrahana, omena aloka, asiana zezika, arovana amin’ny aretina sy ny bibikely. Ny voly aza haintsika ny manao izany ka dia nahoana ny zanantsika izay voalohan-karenantsika sy sombinaintsika no atao an’izany? Tsy mihoatra ny solofo ve izy ireo? **Sady ny asantsika mpampianatra dia ny hanabe. Mpanabe, hoy aho, fa tsy mpanasazy**!”

Akory ny hagagan-dRamose Fetra fa nijoro nandray fitenenana Ramatoa Tale ary nanohana azy. Ningonongo-nona nifanakalo hevitra ela be ny iray efitra ka farany dia tapaka fa hasiana fivoriana iray hafa hametrahana sata vaovao ao an-tsekoly.

Tsy manova ny fitondran-tena tsy mety manko ny fanasaziana ara-bata-na sy ara-pihetsehampo fa vao mainka mahatonga ny ankizy hihevitra fa mety ny mampiasa herisetra amin’ny hafa mba handaminana olana na fifandirana. Rehefa maneho fanajana sy famendrehana ary mampiasa faha-marinana kosa ny mpampianatra dia mianatra ny manaja ny tenany sy ny

## HO ANTSIKA REHETRA!

**Raha mahatsikaritra tranga-na herisetra ianao na aiza na aiza toerana misy anao dia antsoy ny laharana maintso**

**147 na 813.**

Mitadiava finday haingana ary soraty ny laharana **147** na **813** fa maimaim-poana ny miantso ary tsy ilàna fahana. Tantarao ny tranga hitanao na iainanao fa vonona hanampy anao sy hihaino anao izy ireo. **Aza matahotra fa tsiambara-telo izany!**

## ANKAMANTATRA

- Inona no lohatenin’ilay hira henon-dRamose Fe-tra teny an-dalana ho any an-tsekoly?
- Iza no mpihira azy io?
- Vitanareo ve ny manohy ilay hira hatramin’ny farany? Ity ary ny fiantom-bohany:

“Velona ny lakolosy,
Manomboka ny lakilasy,
Pejy voalohany ao amin’ny
Lala sy Noro.”

**Anareo amin’izay ô!**

### FA DIA NAHOANA LOATRA?

**MPIANATRA I AMIN'NY 2** no iharan'ny heristera eny amin'ny tontolon'ny sekoly.*

Fa maninona no ahitana trangana herisetra midangana be toa izany eny amin'ny sekolintsika izay toeram-panabeazana?

**INONA NO AFAKA HATAO HANARENANA IZANY?**

* Vokatry ny fanadihadiana nasionaly 2018 nataon'ny UNICEF Madagascar sy ny Minisiteran'ny Mponina



hafa ireo mpianatra beazina.

**Rehefa fomba mampandroso sy tsy misy herisetra no entin'ny mpampianatra manitsy ireo mpianatra dia hitany mivantana fa azo atao ny mamaha ireo fifandirana amim-panajana amin'ny alalan'ny fifampiresahana.** Mampitombo ny fifankahazoana sy fifampatokisana eo amin'ny mpianatra sy mpampianatra izany.

Efa izany rahateo no fomba nentin-dRamose Fetra nampianatra hatramin'izay ka nahatsara laza azy tao amin'izay sekoly rehetra nampianarany.

* * *

Tsy tongatonga ho azy io finiavany io fa vokatry ny zava-niseho teo amin'ny fiainany. Fony izy mbola kely dia nanana mpampianatra masiaka izy. Nihorohoro ny handray anjara tao am-pianarana ny ankizy satria raha sanatria mandiso dia voakapoka amin'ny fitsipika na mahazo latsa.

Toa nizara roa ny mpianatra teo imason'io mpampianatra io. Ireo ampy fitaovana sy mahay dia voakolokolo sy voaaramaso tsara. Ireo sahirankirana ara-pitaovana na ara-pahaizana kosa dia toy ny isan-dabilio ihany taminy. Raha sendra misy iraharahiany azy ireo dia kitakita izay no mahazo azy.

Sendra tafiditra tao amin'ny sokajy voalohany i Fetra satria dia nametraka ny fanabeazana azy ho laharam-pamehana ny ray aman-dreniny na dia olon-tsotra toy ny rehetra aza

izy ireo. Nampandefitra ny fialamboliny ny dadany ary niezaka ny hivarotra ny vokatry ny saha ny reniny ahafahan'izy ireo mividy fitaovam-pianarana ampy ho azy sy ireo zandriny.

Tsy nisy nahazo nivoaka ny trano hamonjy fianarana ireo mpianadahy avy raha tsy efa nahalany ny mangahazony fa sao mivezivezy eo ny fanahy amin'ity kibo noana… Ny hariva mody avy mianatra dia tsy nisy nahazo nilalao raha tsy efa vita ny entimody ho an'ny ampitson'iny.

Lesabotsy mpiara-mianatra aminy kosa dia tafiditra tao amin'ny sokajy faharoa. Ny tao an-trano efa nanahirana, ny tao an-tsekoly tsy mba nampitsiry fanantenana tao am-pony fa vao mainka nanampy trotraka.

Tsy afaka tao an-tsain'i Fetra mihitsy ilay takolak'i Lesabotsy nivoaramenan'ny henatra namerina nanitrika faingana ny Lala sy Norony efa rovidrovitra tao anaty kitapony. Hitany ihany koa ny fipitrapitrany nahatsikaritra fa tsy hain'ny mpampianatra akory na dia ny anarany azy. Teo ihany koa ny fijaikojaikony nifindra teny amin'ny dabilio farany teny akaikin'ny varavarana rehefa tonga saina izy fa isan'olona fotsiny ihany izy tao an-dakilasy.

**Tsy hitan'i Fetra izay nanampiana azy, samy ankizy eny, ka inona no afaka hataony?** Nanao tsidi-pahitra ny lakilasy Lesabotsy iny taona iny ary ny taona manaraka an'iny dia tsy niverina nianatra intsony izy. Toa i Fetra irery no nahatsikaritra izany ary vao mainka nalahelo izy.

Nivoady ny ho lasa mpanabe izy indray androany ary fomba hafa no hitondrany ny fampianarany: hanitsy fa tsy hanasazy, hiteny amim-panajana fa tsy hitrerona, hifampiresaka fa tsy hibedy, hanoro fa tsy handatsa, hanohana fa tsy hanakiana, hifanaraka fa tsy hibaiko ary sanatria dia sanatria ny hikapoka na hampiasa herisetra na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona izany.

Noraisin-dRamose Fetra ho fankaherezana avy any ambony ilay hira henony teny an-dalana ka dia nijoro tsy niahotra izy nandritra ny fivoriana izay nametrahana ny sata vaovao fampianarana.

Tapaka tamin'izany fa tsy azo atao ny manasazy ny mpianatra saingy kosa **nisy fitsipika mazava napetraka ifehezana ny sekoly**. Fitsipika, hoy izy, izany hoe tsy mitovy amin'ny sazy.

Tapaka koa fa hampiasaina ny politikan'ny fitsipi-pifehezana any an-tsekoly miaraka amin'ny **fanamafisana ny fampiofanana mpampianatra amin'ny fomba fifehezana tsara ny mpianatra**.

Hisy koa ny rafitra hatsangana hanaovana **tatitra azo antoka sy manaja ny tsiambaratelo** (izay azo ampiasaina ary fantatry ny mpianatra sy ny mpampianatra rehetra) momba ny trangana herisetra raha sanatria misy izany.

**Zon'ny olona rehetra ny hahatsiaro tena ho ieren-doza. Tsy misy azo ekena ireo endrika herisetra ireo na iray aza. Ny herisetra dia tsy hadisoan'ilay olona iharany velively, ary TSY AZO EKENA NA OVIANA NA OVIANA, NA AIZA NA AIZA....!**

**Hanasa antsika mpampianatra hanatrika fiofanana momba ny fampiasana fifehezana tsara amin'ny mpianatra izahay!**

**Tongava maro fa hianarantsika ny FIKA ohatra ny:**

1. Mametraka fitsipika ao an-dakilasy amin'ny fiandohan'ny taona
2. Mametraka mazava ny zavatra andrasana ho an'ny mpianatra rehetra tsy an-kanavaka
3. Mametraka tanjona amin'ny fiandohan'ny kilasy
4. Manamafy ny fitondrantena tsara
5. Mijanona tsy miandany raha misy disadisa
6. Mitady ny fototry ny fitondrantena ratsy
7. Mametraka fa zava-dehibe ny fahamendrehan'ny mpianatra
8. Mamorona drafitra manokana ho an'ny mpianatra
9. Mampiasa fankasitrahana ho an'ny mpianatra
10. Maneho fitondrantena tsara sy modely
11. Manome safidy samihafa ho an'ny mpianatra
12. Mihaino ny hevitry ny mpianatra

Misy ihany koa fomba hapetraka ahafahan'ny mpianatra sy ny ray amandreny mitatitra ireo trangana herisetra ka **tsy hananany ahiahy ny momba ny fanitsakitsahana ny fiainana manokana**.

* * *

Nony nirava ny fivoriana dia nisy olona niandry teo am-baravaran'ny efitra fivoriana.

"Lefetra?"

Nitraka Ramose Fetra. Nihiratra ny masony. Lesabotsy ve ity mijoro manoloana azy ity? Roampolo taona atỳ aoriana?

"Tena Lefetra marina, hoy ihany Lesabotsy sady nanatona nanolotra ny tanany."

Noraisin-dRamose Fetra ilay tanana. Tsy nahaloa-peo izy.

"Mpampianatra ato angaha, ingahy? hoy Lesabotsy nanontany, sady nitsikitsiky be."

Izay vao nahateny Ramose Fetra.

"Ie, mpampianatra ato aho. Kilasy faha-5 sy faha-4 no sahaniko. Fa ingahy no maninona atỳ?"

"Kilasy faha-5? hoy Lesabotsy nihoraka. Zanako Ledimby!"

Nihoraka koa Ramose Fetra.

"Sambatra Ledimby, hoy ihany Lesabotsy, sady nofonosin'ny tamin'ny felatanany roa ny tanan-dRamose Fetra. Sambatra Ledimby manana mpampianatra ohatra anareo."

Samy tsy nahateny izy mirahalahy fa dia nifampibanjina teo.

“Mankasitraka ry ise! hoy Lesabotsy ny farany ary lasa izy nandeha.”

Toa nihamaivana izany ny soroky Ramose Fetra nitazana azy nandingana ny vavahadin’ny sekoly. Afaka ny ahiahiny momban’i Lesabotsy ary hohefainy amin’i Ledimby izay tsy vitany tamin’i Lesabotsy.

Sekoly ieren-doza sy lavitry ny herisetra no hatolony azy. Toerana ahafahany mivelatra tanteraka sy tontolo mahatamana no hanabeazany azy. Fikolokoloana sy fanohanana ary fanoroana no hiainany. Fitsipika nifanarahana nefa hentitra no hifampitondrana…

**Ho solofo mendrika tanteraka ny ho dimbin’ny ala no hovolavolain’ny sekoly ary hihena ny isan’ireo ankizy miala an-daharana na hanao tsidi-pahitra ny sekoly.**

## RARAN’NY LALÀNA NY HERISETRA ENY AN-TSEKOLY

Ny Minisiteran’ny Fanabeazam-pirenena dia miasa ho amin’ny fampiroboroboana ny fampandrosoana ara-tsaina, ara-batana, ara-moraly, ara- olom-pirenena sy ara-javakanto ho an’ny mpianatra rehetra. Rehefa iharan’ny herisetra ny mpianatra - na ara-batana izany, na ara-nofo, na ara-pihetsehampo - dia tsy mitombo sy tsy mivoatra araka izay tokony ho izy, izy ireo.

**Araka izany dia…**

Voarara ny fanasaziana ara-batana any an-tsekoly araka ny Andininy faha-11 amin’ny didim-panjakana laharana faha-5246-96 MEN (1996)5 sy ny Memorandum laharana faha-234/MEN/SG tamin’ny 4 Aprily 2017. No. 5246-96 MEN (1996)4 sy Memorandum n°234/MEN/SG tamin’ny 4 Aprily 2017.)


## MOA VE…

…mamporisika ny mpianatra sy ny ray aman-dreny hitoroka ny herisetra ny sekolinao?

…misy fomba malina sy azo antoka ve ahafahan’ny mpianatra manao izany ?

**Inona ny fomba hafa afaka ataon’ny sekolinao mba hahazoana antoka amin’ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran’ny herisetra?**

7




Ny gazety laharana vaovao dia hisy ny valintenin'ny mpanapa-kevitra sy lohahevitra vaovao indray.

1



Alao ny gazety. Mamakia sy mifanakaloza hevitra.

- Raha misy tsy mety ts
zontsika ny hiteny.
- Raha misy fanatsarana
zontsika ny haneho hev
- Koa andao hifanakalo h
amin'ny alalan'ny AMP

6

Ny fanehoan-kevitra navondr
piasaina hanaovana gazety
manaraka ity dia ho an'ny m
tra nasionaly.





Hovakiny izany ary hohitany ny eritrerintsika sy ny hevintsika. Hanampy azy hanao drafitra vaovao sy programa tsara kokoasy mifanaraka amin'ny filantsika izany.

2



Soraty ao amin'ny taratasy fanehoan-kevitra ny eritre-ritrao, ny hevitrao ary ny soso-kevitrao!

3



Avereno ilay gazety miaraka amin'ny fanehoan-kevitrao. Makà gazety laharana hafa indray!!

sikarintsika,

a hitantsika,
vitra,

nevitra
PITAPITAOUU!

rona dia ham-
y vaovao, ity
panapa-kevi-

4




Ny fanehoan-kevintsika rehetra dia hangonina sy havondrona hamaritana hevi-dehibe iraisana.



5



Ny sekolinay leroa sekoly tena milay
Tsy ahitana herisetra efa hatramin'izay
Mahay mifanaja ny lehibe sy ny kely
Raha ny herisetra tsy ho hita velively
Tsy ahitana risoriso ary tsisy kolikoly
Milamina ny rehetra sady koa tony!
Tsy manavaka na mahantra na ny manana
Fa mitovy avokoa ny fandraisantanana
Tsy misy maloto na hoe mavomavo
Fa miara-mifaly dia miaramiravo
Tsy misy zanaky Rakoto na zanaky Rabe
Fa mitovy avokoa eo amin'ny mpanabe
Tsy misy hoe tara na koa tena mahay
Fa mitovy avokoa toy ny zaza iray!
Mahay mifanaja izahay rehetra
Ary lavitra tanteraka izany herisetra
Mahay mifanaja ary mitovy tantana tokoa
Lavitry ny herisetra fa mifandray am-po
Sekoly modely tsy misy herisetra
Ary izany no irariana hianatsika rehetra

***-Anselme, Le Gamin Noir***
***Tanora Mpitarika avy any Fianarantsoa***

